ALAROBIA 27 NOVAMBRA

# Tongava mifidy, hifidy an'i Rina, sy hifidy ny kandidà TIM sy ny mpiara-dia aminy rehetra manerana ny Nosy

Carnaval lehibe, tamin'ny alalan'ny tandahatra fiarakodia maro, niaraka tamin'ireo mpitondra taxi eto Antananarivo Renivohitra omaly, no nanohizan'ny kandidà ben'ny tanàna Rina N°2 eto Antananarivo, sy ireo mpanolotsaina TIM miaraka aminy laharana faha-4, ny fampielezan-kevitra nataon'izy ireo, nanerana ireo arabe maro eto andrenivohitra. Ombieny ombieny, mbola nanamafy ny fanohanana an'i Rina ny olona tamin'ny toerana rehetra izay nolalovany, tamin'ny alalan'ny hiaka, sy horakoraka ary antsoantso nanambara fa "Rina tsy maintsy mandresy, Rina no ho ben'ny tanàna, ok e!". Fa tetsy amin'ny kianjan'Ambohijatovo ny faradoboka ho an'Antananarivo ny sabotsy teo: Rodorodon'Antananarivo niarahana tamin'i Rina, dia an-tongotra nanomboka teo Mahamasina, nandalo an'i Tsimbazaza sy Ambanidia ary nihazo ny kianjan'Ambohijatovo nanatanterahana ny faradoboka no niarahan'i Rina kandidà




laharana faha 2 tamin'ny vahoakan'Antananarivo tamin'izany. Fanomezantoky ny hampivoatra sy hanatsara ny fiainan'ny mponina sy ny toeramponenany, no nambaran'i Rina ampahibemaso teo Ambohijatovo. Andro sisa isaina dia handray ny toerana maha Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra azy i Rina Randriamasinoro, kandidà laharana faharoa. Azo antoka fa ho lany i Rina satria mahatoky azy 100% ny mponin'Antananarivo. Na izany aza anefa dia mila mailo ny olompirenena tsirairay mandritra ny androm-pifidianana, ka hanaramaso sy hiaro ny safidy tsy ho voahodinkodina, hoy ny Filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana. Tamin'izany ihany koa no niantsoan'I Dada ny vahoaka Malagasy rehetra hifidy ireo kandidà ben'ny tanàna TIM sy ireo mpanolotsaina miaraka aminy avy, ary ireo kandidà miara-dia amin'ny antokony amin'ny fifidianana ny alarobia 27 novambra ho avy izao io. Naniry tokoa aho hoy izy ny hanotrona ireo kandidà TIM rehetra manerana ny Nosy tamin'izao propagandy izao, nefa tsy afanaoatra. Na izany aza hoy izy, Antananarivo dia efa mahasolo an'i Madagasikara, satria eto andrenivohitra avokoa ny foko 18 eto amin'ny Nosy. Mbola nanamafy kosa ny tokony hiarovana ny safidy, sy ny fisorohana ny hosoka sy ny halabato ny depioten'Antananarivo, Me Hanitra Razafimanantsoa, hanao andrimasom-pokonolona isika hoy izy ny alarobia ho avy izao eny amin'ireo birao fandatsaham-bato rehetra, ka hijery izay zavatra rehetra mety hampanahy mandritra izany, ary hampita ny vaovao haingana raha misy ny trangana hala-bato sy hosoka. Efa mandresy isika, efa mandresy i Rina, sy ny mpanolotsaina TIM miaraka aminy, hoy ity olom-boafidy ity, satria tamin'ny fifidianana depiote farany teo dia efa nahazo tombom-baton'ny mpifidy 45000 tany ho any ny TIM, mbola hitombo be noho izany aza io vato io amin'ny alarobia ho avy izao, ka tena havesatra ny fandresena, ho be ny elanelana hoy izy. Na izany aza, mila mailo foana. Latsa-bato tokoa sisa handrasana, fa efa ho ben'ny tanàna i Rina ary toerana mendrika azy izany!

***Isambilo***

Ry mpitsara fifidianana sy ry CENI

# Hajao ny fianianana nataonareo

Ny fianianana dia fanekena ataon'ny olombelona, hanatontosa amin'ny antsakany sy andavany andraikitra, efa voasoritra sy nifanarahana mialoha.

Misy karazany telo ny fianianana eto amintsika: ny voalohany dia ny any ampiangonana, io ilay antsoina hoe sakramenta, tafiditra ho anisan'ny sakaramenta ny batisa na batemy, ka ny ray amandreny manolotra ilay zaza ho tsofindrano no manao fanekena , fa hitaiza ilay zaza araka ny fomba kristianina, aty aoriana rehefa lehibe io zaza io dia lasa mpandray fanasan'ny tompo, ka ny fandraisana azy katekomena na konfirmasio dia mbola sakramenta mifampitohy amin' izay efa nekena taloha. Fa mbola anisan'ny sakramenta koa ny fanekena ho mpitandrina, relijiozy, diakona, mpiandry sns... hatramin'ny fanamasinana fanambadiana dia mbola antsoina hoe sakramenta.

Ny fianianana amin'ny endriny faharoa dia ny manaraka ny fombandrazana toy ny velirano, tsitsika, sotro vokaka, lefon' omby sns... izay fanekena atao eo anatrehan' ny fokonolona, fa hanatanteraka andraikitra goavana hanasoavana ny mpiarabelona. Tsy ivalamparana eto ny fanazavana ny mahasamihafa ireo karazampanekena ireo, fa ny soritana manokana eto dia ny mahazavadehibe ilay fanekena, ka raha maka ohatra isika dia manan-danja eo amin'ny Malagasy ny velirano fa zava-doza kosa ny mivadi-belirano. Ny vahoaka Malagasy dia samy mahatadidy ny nambaran'Ingahy Filoha fa tsy haka ny tanin'ny vahoaka izy na dia iray dia aza, kanefa dia io iaraha-mahita io ny zavamiseho eny Ambohitrimanjaka , mpivadibelirano tsotr'izao no iantsoana azy.

Ny endrim-pianianana fahatelo dia ny ara-panjakana izay ataon'ny filohampirenena voafidimbahoaka ara-dalàna, ny governoran'ny banky foibe, ireo mpitsara sy mpisolovava nahavita fiofanana, ireo miaramila sy zandary ary polisy handray ny asany dia apetraka ao ambanin'ny fanevampirenena, mbola endrikin'ny fianianana daholo ireny, fa tsetsatsetsa tsy aritra ny ampahatsiahivana fa niavaka tamin'ny fianianana nisy teto amin'ny firenena ny nataon'ny Filoha Ravalomanana izay sahy nanao fianianana tamin'ny baiboly, toy ny fanaon'ny filoha Amerikana satria ny Amerikana dia manana ny teny filamatra hoe " In god we trust" izay adika malalaka hoe : "ny herin'Andriamanitra no itokianay".

Fa ny marihana manokana sy ampahatsihivina etoana dia ry zareo mpikambana ao amin'ny Ceni sy ireo mpitsara hikirakira ny voka-pifidianana, nianiana ianareo fa hanao izay isian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary tsy mitanila, koa porofoy amin'ny vahoaka mpandoa ny karamanareo, fa manaja ny safidiny ianareo, fa tsy sanatria hanaraka anjambany izay baikon'ny mpitondra mandalo sy mpindrana fahefana. Fantatray fa tsy ianareo no ho voavidy vola, satria olona efa voasedra sy vita fianianana ary mafy orina ny feon'ny fieritreretanareo. Koa aza mivadi-panekena!

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Aoka ho saro-piaro amin'ny maha Malagasy isika

Firenena manana ny maha izy azy isika Malagasy ary tsy tokony ho mena-mitaha velively amin'ny any ivelany. Manana ny maha izy azy isika, indrindra eo amin'ny lafiny kolontsaina sy ny fiandrianam-pirenena, ka tena tokony ho sarotiny tanteraka mihitsy. Tsy tokony hatao an-tsirambina velively ny maha Malagasy ny Malagasy, fa tena hadisoan'ny taranaka ankehitriny raha mandraraka ny ilo mby andoha. Nahasarika ny sain'ny mpanara-baovao ny nandre tamin'iny herinandro lasa iny, fa tapa-kevitra ny hanova ny hiram-pireneny ry zareo any Niger. Ny antony, dia misy voambolana ahitana taratra hatrany fanjanahana frantsay sy miendrika fisaorana azy. Niteraka fanakianana be any an-toerana izany tato ho ato. Fantatra ihany koa fa teratany frantsay no namorona ny hiram-pireneny, ny tonony sy ny feony, ka tsy atao ho mahagaga raha izany no voarakitra ao anatiny. Ny lohatenin'ny hiram-pirenena ao Niger aza dia hoe " La Nigérienne". Fa izao izany vao tonga saina ny vahoaka ao Niger amin'ny ady ankafetsena ataon'ny Frantsay tamin'ireo zanataniny teo aloha. Marihina ihany koa fa i Sénégal sy Centrafrique, dia teratany frantsay iray no namorona ny hiram-pireneny. Ny an-dry zareo senegaley dia hoe "Lion rouge", ary ny an'i Centrafrique dia " La Renaissance". Miharihary araka izany ny maha zavadehibe ny fananantsika ny hiram-pirenentsika " Ry Tanindrazany Malala ô!", izay Malagasy ray, Malagasy reny izy mirahalahy namorona azy, dia Raharisoa Norbert sy Pasteur Rahajason. Ary tamin'ny vao niverina ny fahaleovantenantsika no nohiraina avy hatrany izany hiram-pirenena Malagasy izany. Ny an-dry zareo ao Niger kosa herintaona taty aoriana ny nahazoany fahaleovantena vao vita izany hira tsy hohiraina intsony izany manomboka izao. Efa nisy fananganana komity any an-toerana amin'izao fotoana izao ary mpikambana maromaro eo anivon'ny governemanta sy manampahaizana ambony amin'ny lafiny fanoratana sy momba fandrafetana mozika ao Niger no mandrafitra azy. Efa am-polon-taonany maro aty aoriana izany vao hanana ny hiram-pireneny miainga avy ao aminy tanteraka , miainga amin'ny hetaheta sy tanjona tiana ho tratrarina dia ny hamelona ny fitiavan-tanindrazana ao am-pon'ny vahoaka ao Niger.

Mila mahatsapa ny lanjan'izany maha Malagasy izany ny vahoaka. Ny fananana harena ara-kolontsaina toy izany, miaro sy saro-piaro amin'ny maha Malagasy tanteraka no antoky ny fandrosoan'ity firenena ity. Fa raha fitiavana ankosotra ihany, vao mainka hampilentika azy.

***Sôh'son***

Kandidà Tody Arnaud N°2

# Naneho ny tena fampihavanana tao Toamasina ny Miara-Mirona

Carnaval, na filaharambe, manerana ireo arabe maro tao Toamasina omaly, no nanohizan'ny kandidà ben'ny tanàna Tody Arnaud N°2 sy ireo mpanolotsaina miaraka aminy, ny famaramparanana ny fampielezan-kevitra nataon'izy ireo tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Carnaval Faradoboka Miara-Mirona, no anarana nampisaloran'izy ireo izany hetsika lehibe izany. Talohan'ny hetsika nisy ny antso nataon'ny kandidà Tody Arnaud tamin'ny mponin'i Toamasina: "izaho Maître Tody



*Faradoboka Miara-Mirona tany Toamasina omaly.*

Arnaud dia magnantso, miangavy ary mitaona antsika vahoakan'i Toamasina jiaby tsy vakivolo ho tonga hamonjy ny Carnaval Faradoboka izay atao androany alahady 24 novambra amin'ny 1 ora antoandro ny fotoana eo amin'ny Bar Bleu Ankirihiry. Antsika dia vahoaka hendry, mahazo onondraha, koa andeha ho porofontsika fa olo raika antsika jiaby eto Toamasina ary hiaraka hirona ho amin'ny fagnaregnana ity tanana mamintsika ity!!! Hasehontsika ny tegna fampihavanana aketo Toamasina". Miara-dia manohana ny kandidà Me Tody Arnaud ao Toamasina ao anatin'ny fikambanana Miara-Mirona: i Tody Arnaud, ny Miara Mirona, ny Mirama, ny Tsma, ny Tim, ny Gasmi,... Vonona handrombaka ny fandresena ho ben'ny tanànan'i Toamasina koa ny kandidà Me Tody Arnaud N°2, sy ireo mpanolotsaina miaraka aminy.

***Isambilo***